# The Triumph of Hope

By Elder Neil L. Andersen
*Of the Quorum of the Twelve Apostles*

# Ny fandresen'ny fanantenana

Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

October 2024 general conference

---

*Hope is a living gift, a gift that grows as we increase our faith in Jesus Christ.*

My dear brothers and sisters across the world, as we begin this very special time of general conference, the eyes of heaven will certainly be focused upon us. We will hear the voice of the Lord through His servants; we will feel the "guiding, directing, [and] comforting"influence of the Holy Ghost, and our faith will be strengthened.

Three years ago, President Russell M. Nelson began general conference with these words: "Pure revelation for the questions in your heart will make this conference rewarding and unforgettable. If you have not yet sought for the ministering of the Holy Ghost to help you hear what the Lord would have you hear during these two days, I invite you to do so now. Please make this conference a time of feasting on messages from the Lord through His servants."

The scriptures link three words powerfully together: faith, hope, charity. The gift of hope is a priceless endowment from God.

The wordhopeis used for many things we want to happen. For example, "I hope it won't rain," or "I hope our team wins." My intent is to speak of our sacred and eternal hopes centered in Jesus Christ and the restored gospel and our

*Fanomezam-pahasoavana velona ny fanantenana, fanomezana mitombo rehefa mampitombo ny finoantsika an'i Jesoa Kristy isika.*

Ry rahalahy sy anabaviko malala manerana izao tontolo izao, rehefa manomboka izao fotoana tena miavaka amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana izao isika, dia azo antoka fa hifantoka amintsika ny mason'ny lanitra. Handre ny feon'ny Tompo amin'ny alalan'ireo mpanompony isika; hahatsapa "fitarihana sy fitantanana ary fampaherezana"mitaona avy amin'ny Fanahy Masina isika, ary hohatanjahina ny finoantsika.

Telo taona lasa izay, ny Filoha Russell M. Nelson dia nanomboka ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ireto teny ireto: "Ny fanambarana madio ho an'ireo fanontaniana ao am-ponao dia hahatonga ity fihaonambe ity hitondra fahafaham-po sy ho tsy hay hadinoina. Raha toa ianao ka mbola tsy nikatsaka ny fanompoan'ny anjely mba hanampy anao haheno ny zavatra tian'ny Tompo ho henonao mandritra ireo roa andro ireo, dia manasa anao aho mba hanao izany amin'izao fotoana izao. Aoka ity fihaonambe ity mba ho fotoana hivokisana an'ireo hafatra avy amin'ny Tompo amin'ny alalan'ireo mpanompony."

Ny soratra masina dia mampifandray amin'ny fomba mahery vaika teny telo: finoana, fanantenana ary fiantrana. Ny fanomezam-pahasoavan'ny fanantenana dia fanafiana masina tsy voavidim-bola avy amin' Andriamanitra.

Ny teny hoefanantenanadia ampiasaina amin'ireo zavatra maro izay tiantsika hitranga. Ohatra hoe: "Manantena aho fa tsy hisy orana," na "Manantena aho fa handresy ny ekipantsika." Ny tiako hatao dia ny hiresaka momba

"confident expectation[s] of … the promised blessings of righteousness."

ireo fanantenantsika masina sy mandrakizay mifototra amin'i Jesoa Kristy sy ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny, ary ny "fiandrandrana amim-pahatokiana … ireo fitahiana nampanantenain'ny fahamarinana."

## Our Hope for Eternal Life

## Ny fanantenantsika ny fiainana mandrakizay

Our hope of eternal life is assured through the grace of Christ and our own choices, allowing us the remarkable blessing of returning to our heavenly home and living forever in peace and happiness with our Heavenly Father, His Beloved Son, our faithful family and precious friends, and the righteous men and women from every continent and every century.

Ny fanantenantsika ny fiainana mandrakizay dia azo antoka amin'ny alalan'ny fahasoavan'i Kristy sy ny safidintsika manokana, mamela antsika hahazo fitahiana miavaka amin'ny fiverenana any amin'ny fonenantsika any an-danitra sy hiaina mandrakizay ao anatin'ny fiadanana sy fahasambarana miaraka amin'ny Raintsika any An-danitra, ny Zanany Malalany, ireo fianakaviantsika mahatoky sy ireo namantsika sarobidy, ary ireo lehilahy sy vehivavy marina avy amin'ny kaontinanta rehetra sy ny taonjato rehetra.

On earth we experience joy and sorrow as we are tested and proven. Our victory comes through faith in Jesus Christ as we triumph over our sins, difficulties, temptations, unfairness, and the challenges of this mortal life.

Miaina fifaliana sy alahelo isika ety an-tany rehefa tsapaina sy sedraina. Tonga amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy ny fandresentsika rehefa mandresy amin'ireo fahotana, fotoan-tsarotra, fakam-panahy, ny tsy rariny ary ireo fanambin'ity fiainana an-tany ity isika.

As we strengthen our faith in Jesus Christ, we see beyond our struggles to the blessings and promises of eternity. Like a light whose brilliance grows, hope brightens the darkened world, and we see our glorious future.

Rehefa manamafy orina ny finoantsika an'i Jesoa Kristy isika dia mahita an'ireo fitahiana sy fampanantenan'ny mandrakizay amin'ny fomba fijery mahatakatra fa mandalo ihany ny adintsika. Tahaka ny hazavana izay mitombo ny famirapiratany, ny fanantenana dia mampamiratra ny tontolo maizina, ary dia mahita ny hoavintsika be voninahitra isika.

## Hope Comes from God

## Avy amin' Andriamanitra ny fanantenana

Since the beginning, our Heavenly Father and His Beloved Son have eagerly blessed the righteous with the precious gift of hope.

Hatrany am-piandohana, ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany malala dia efa nitahy fatratra ireo marina tamin'ilay fanomezam-pahasoavana sarobidy dia ny fanantenana.

After leaving the garden, Adam and Eve were taught by an angel of the promise of Jesus Christ. The gift of hope enlightened their lives. Adam declared, "My eyes are opened, and in this life I shall have joy."Eve spoke of "the joy of [their] redemption, and the eternal life which God giveth unto all the obedient."

Taorian'ny fandaozany ny saha Edena i Adama sy i Eva dia nampianarin'ny anjely ilay fampanantenana fa ho avy Jesoa Kristy.Nanazava ny fiainan'izy ireo ny fanomezam-pahasoavan'ny fanantenana. Nanambara i Adama hoe: "Mahiratra ny masoko, ary hanam-pifaliana aho eo amin'ity fiainana ity."I Eva dia niresaka momba "ny fifaliana noho ny fanavotana [azy ireo] ary ny fiainana mandrakizay izay omen' Andriamanitra ho an'ny mpankatò rehetra."

Just as the Holy Ghost brought hope to

Manazava ireo mahatoky amin'izao an-

Adam,the power of the Lord's Spirit enlightens the faithful today, illuminating the reality of eternal life.

The Savior sends us a Comforter, the Holy Ghost, a companion bringing faith, hope, and peace "not as the world giveth."

"In the world," the Savior said, "ye shall have tribulation: but be of good cheer [keep a brightness of hope]; I have overcome the world."

In times of difficulty, we choose to trust the Lord in faith. We quietly pray, "Not my will but thine be done."We feel the Lord's approval for our meek willingness, and we await the promised peace the Lord will send in His chosen timing.

The Apostle Paul taught, "The God of hope [will] fill you with … joy and peace … , that ye may abound in hope,""rejoicing in hope; patient in tribulation;""through the power of the Holy Ghost."

## A Lesson of Hope

The prophet Moroni knew firsthand about having hope in Christ during tribulation. He explained his harrowing situation:

"I am alone. … I have not … whither to go."

"I make not myself known … lest they should destroy me."

Remarkably, in this dark and lonely hour, Moroni records his father's words of hope:

"If a man have faith he must needs have hope; for without faith there cannot be any hope."

"What is it that ye shall hope for? … Ye shall have hope through the atonement of Christ and the power of his resurrection, to be raised unto life eternal."

My brothers and sisters, hope is a living gift, a gift that grows as we increase our faith in Jesus Christ. "Faith is the substance of things hoped for."We build this substance—the evidence blocks of our faith—through prayer, temple covenants,

dro izao ary mampisokatra ny saina amin'ny fisian'ny fiainana mandrakizay ny Fanahin'ny Tompo,tahaka ny nitondran'ny Fanahy Masina fanantenana ho an'i Adama.

Nandefa Mpampionona iray ny Mpamonjy, dia ny Fanahy Masina, izay namana mitondra finoana sy ny fanantenana, ary fiadanana "tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao."

"Aty amin'izao tontolo izao," hoy ny Mpamonjy, "no ahitanareo fahoriana; nefa matokia [tano ny fanantenana mamirapiratra]; Izaho efa naharesy izao tontolo izao".

Misafidy ny hatoky ny Tompo amim-pinoana isika amin'ireo fotoan-tsarotra. Mivavaka mangina isika hoe: "Tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao."Mahatsapa ny fankasitrahan'ny Tompo isika amin'ny fahavononantsika ho malemy fanahy, ary miandry ny fiadanana nampanantenaina izay halefany amin'ny fotoana nofinidiny.

Nampianatra ny Apôstôly Paoly hoe: "Ary ny Andriamanitry ny fanantenana anie hameno anareo amin'ny fifaliana sy fiadanana … , mba hitomboanareo amin'ny fanantenana,"; "[hifaly] amin'ny fanantenana; [hiaritra] amin'ny fahoriana;""noho ny herin'ny Fanahy Masina."

## Lesona mitondra fanantenana

Nanana traikefa manokana ny mpaminany Môrônia mahakasika ny fananana fanantenana ao amin'i Kristy mandritra ny fahoriana. Nanazava ny toe-javatra naharary niainany izy:

"Irery aho. … Tsy manana aho … na izay aleha."

"Ary tsy ampahafantariko ny Lamanita ny tenako fandrao hamongotra ahy izy."

Mahavariana fa ao anatin'ity fotoana sarotra sy maha irery ity i Môrônia dia mirakitra ny teny mitory fanantenana nomen-drainy:

"Koa, raha manam-pinoana ny olona iray dia tsy maintsy ilaina ny hananany fanantenana; fa raha tsy misy finoana dia tsy mety hisy fanantenana."

"Ary inona no hantenainareo? … Hanana fanantenana ianareo amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy sy ny herin'ny fitsanganany amin'ny maty mba hatsangana ho amin'ny fiainana mandrakizay."

Ry rahalahy sy anabaviko isany, fanomezam-pahasoavana velona ny fanantenana, fanomezana mitombo rehefa mampitombo ny finoantsika an'i Jesoa Kristy isika. "Ny finoana dia [fahatokiana] ny zavatra antenaina."Manorina

keeping the commandments, continually feasting on the scriptures and the words of modern-day prophets, taking the sacrament, serving others, and worshipping weekly with our fellow Saints.

izany fahatokiana izany isika, ilay porofo ho an'ny tena manokana momba ny finoantsika, amin'ny alalan'ny vavaka, ny fanekempihavanan'ny tempoly, ny fitandremana ny didy, ny fivokisana tsy tapaka amin'ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany maoderina, ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo, ary ny fitsaohana isan-kerinandro miaraka amin'ireo Olomasina namantsika.

## A House of Hope

To fortify our hope in a time of increasing wickedness, the Lord has directed His prophet to dot the earth with His temples.

As we enter the Lord's house, we feel the Spirit of God, verifying our hope.

The temple testifies of the empty tomb and that life beyond the veil continues for all.

For those who do not have an eternal companion, the ordinances powerfully confirm that every righteous person will receive every promised blessing.

There is sublime hope as a young couple kneels across the altar to be sealed, not just for time but for eternity.

There is an immensity of hope for us in the promises made to our posterity, whatever their current circumstances.

There is no pain, no sickness, no injustice, no suffering, nothing that can darken our hope as we believe and hold tightly to our covenants with God in the house of the Lord. It is a house of light, a house of hope.

## Tranon'ny fanantenana

Mba hanamafisana ny fanantenantsika amin'izao vanim-potoanan'ny faharatsiana miha-mitombo izao, ny Tompo dia nandidy ny mpaminaniny hanorina ny tempoliny amin'ny toerana maro manerana ny tany.

Rehefa miditra ny tranon'ny Tompo isika dia mahatsapa ny Fanahin'ny Tompo manamarina ny fanantenantsika.

Ny tempoly dia mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fasana foana sy ny fiainana aorian'ny fahafatesana izay mitohy ho an'ny rehetra.

Ho an'ireo izay tsy manana vady mandrakizay, ireo ôrdônansy dia manamafy aminkery fa ny olo-marina tsirairay dia handray ny fitahiana rehetra nampanantenaina.

Misy ny fanantenana lehibe rehefa misy mpivady vao herotrerony mandohalika eo anoloan'ny alitara mbaho fehezina, tsy eto an-tany ihany fa ho mandrakizay.

Misy fanantenana tsy hita noanoa ho antsika ao amin'ireo fampanantenana natao tamin'ireo taranatsika, na inona na inona toe-javatra iainany ankehitriny.

Tsy misy fanaintainana, na aretina, na tsy rariny, na fijaliana, na inona na inona mety hampihena ny fanantenantsika rehefa mino sy mihazona mafy ny fanekempihavanantsika tamin' Andriamanitra tao amin'ny tranon'ny Tompo isika. Tranon'ny fahazavana sy tranon'ny fanantenana izany.

## When Hope Is Discarded

We shed tears of sorrow as we see the sadness and despair in those who have no hope in Christ.

I recently observed from a distance a couple who at one time had faith in Christ but then decided to discard their belief. They were successful in the world, and they found pleasure in their intellect and the rejection of their faith.

## Rehefa very ny fanantenana

Latsa-dranomason'alahelo isika rehefa mahita ny alahelo sy ny famoizam-po amin'ireo izay tsy manana fanantenana ao amin'i Kristy.

Vao haingana aho no nahatsikaritra avy eny lavitra mpivady iray izay nanana finoana an'i Kristy tamin'ny fotoana iray nefa avy eo dia nanapa-kevitra ny hanary ny finoany avy eo. Nahomby teo amin'izao tontolo izao izy ireo, ary nahita fahafinaretana tamin'ny faharanitan-tsainy

All seemed well until the husband, still young and energetic, suddenly fell ill and died. Like an eclipse of the sun, they had blocked the light oftheSon, and the result was an eclipse of hope. The wife, in her disbelief, now felt disoriented, painfully unprepared, unable to comfort her children. Her intellect had told her that her life was in perfect order until suddenly she could see no tomorrow. Her despair brought darkness and confusion.

sy ny fandavana ny finoany.

Toa tsara daholo ny zava-drehetra mandra-pahatongan'ilay rangahy, izay mbola tanora sy natanjaka, narary tampoka ary maty. Nanakana ny fahazavan'nyZanak' Andriamanitra izy ireo, tahaka ny fanakona-masoandro, ary ny vokatr'izany dia fanakonam-panantenana. Ilay vehivavy, tao anatin'ny tsy finoany, dia nahatsiaro ho very hevitra sy tena tsy niomana ary tsy afaka nampionona ny zanany akory. Nilaza taminy ny fahiratan-tsainy fa nilamina tanteraka ny fiainany, mandra-pahatonga azy, tampoka teo, tsy nanana fanantenana ny amin'ny hoavy. Nitondra haizina sy fisafotofotoana ny famoizam-pony.

## Hope in Heartbreaking Tragedy

Let me contrast her painful despair with another family's hope in Christ during a heartbreaking time.

Twenty-one years ago the newborn son of my nephew Ben Andersen and his wife, Robbie, was life-flighted from their Idaho farming community to Salt Lake City. I arrived at the hospital, and Ben explained the severe, life-threatening complications with their baby's heart. We placed our hands on Trey's tiny head. The Lord blessed him with continued life.

Trey had heart surgery the first week of his life, and more surgeries followed. As the years passed, it became apparent that Trey would need a heart transplant. Although his physical activities were limited, his faith expanded. He wrote, "I have never felt sorry for myself because I have always known the importance of having faith in Jesus Christ and a testimony of the plan of salvation."

Trey kept on his phone this well-known quote from President Nelson: "The joy we feel has little to do with the circumstances of our lives and everything to do with the focus of our lives."

Trey wrote: "I have always looked forward to serving a full-time mission, but … my doctors won't let me serve a mission until at least a year

## Fanantenana ao anatin'ny loza mampivarahontsana

Mamelà ahy hampitaha ny famoizam-pony maharary amin'ny fanantenana ao amin'i Kristy nananan'ny fianakaviana iray hafa nandritra ny fotoana nahavaky fo.

Iraika amby roapolo taona lasa izay, ny zanakalahin'ny zanak'anabaviko vao teraka, Ben Andersen, sy ny vadiny Robbie, dia nentin'ny angidimby mpamonjy aina niala tamin'ny toeram-piompiana tany Idaho nankany Salt Lake City. Tonga tany amin'ny hôpitaly aho, ary nohazavain'i Ben ny fahasarotana mafy sy mihatra aman'aina tamin'ny fon'ny zanany mbola menavava. Napetrakay teo ambonin'ny lohakelin'i Trey ny tananay. Nitahy azy tamin'ny fitohizan'ny fiainana ny Tompo.

Natao fandidiana i Trey tamin'ny herinandro voalohan'ny fiainany ary fandidiana maromaro taorian'izany. Rehefa nandeha ny taona, dia hita mazava fa mila fanomezana fo i Trey. Na dia voafetra aza ireo hetsika ara-batana azony natao, ny finoany kosa dia nitombo. Nanoratra izy hoe: "Tsy nalahelo ny tenako mihitsy aho satria fantatro foana ny maha-zava-dehibe ny fananana finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fijoroana ho vavolombelona momba ny drafitry ny famonjena."

Notazonin'i Trey tao amin'ny findainy ity teny malaza nambaran'ny Filoha Nelson ity: "Zara raha misy ifandraisany amin'ny toe-javatra mitranga eo amin'ny fiainantsika ny fifaliana tsapantsika ary tena misy ifandraisany mihitsy kosa amin'ny fifantohan'ny fiainantsika izany."

Nanoratra i Trey hoe: "Efa niandrandra foana ny hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno aho, saingy … tsy avelan'ny dokotera hanao asa

after my transplant. … I've put my faith in Jesus Christ."

Trey was excited at being accepted into the accounting major at BYU beginning this semester, but even more excited in late July when he received the very anticipated telephone call to come to the hospital for his heart transplant.

"One year," Trey said, "and I will be on my mission."

There were great expectations as he entered the operating room. However, during the surgery there were devastating complications, and Trey never regained consciousness.

His mother, Robbie, said: "Friday had been the most heartbreaking day … just trying to wrap our minds around it. … I had stayed up late just trying to process everything. … But Saturday, I woke up with a feeling of absolute joy. It wasn't just peace; it wasn't denial. I felt joy for my son, and I felt joy as his mother. … Ben had gotten up a lot earlier than me, and when we finally got a chance to talk, Ben had awakened with the exact same feeling."

Ben explained: "Clarity came to my soul as God taught me through His Holy Spirit. I awoke at 4:00 a.m. and was filled with indescribable peace and joy. How is this possible? … The passing of Trey is so very painful, and I miss him so much. But the Lord does not leave us comfortless. … I look forward to a joyful reunion."

## The Promise of Hope

Trey had noted in his journal these words from President Nelson's general conference talk: "It doesn't seem possible to feel joy when your child suffers with an incurable illness or when you lose your job or when your spouse betrays you. Yet that is precisely the joy the Savior offers. His joy is constant, assuring us that our 'afflictions shall be but a small moment' [Doctrine

fitoriana aho raha tsy farafahakeliny herintaona aorian'ny fanoloana ny foko. … Nametraka ny finoako tamin'i Jesoa Kristy aho.

Nientanentana i Trey tamin'ny fandraisana azy tao amin'ny haitoebola (comptabilité) tao amin'ny BYU nanomboka tamin'ity taom-pianarana ity, saingy vao mainka nientanentana kokoa tamin'ny faramparan'ny volana jolay rehefa nahazo antso an-telefaonina izay efa niandrasany mafy izy, mba ho tonga any amin'ny hôpitaly hanoloana ny fony.

"Afaka herintaona," hoy Trey: "dia ho any amin'ny asa fitoriako aho."

Betsaka ny zavatra nandrandrainy rehefa niditra ny efitrano fandidiana izy. Saingy, nisy fahasarotana nampivarahontsana nandritra ilay fandidiana, ary dia nodimandry i Trey.

Niteny i Robbie reniny: "io zoma io no andro nahavaky fo indrindra … niezaka fotsiny izahay ny nahatakatra ny zava-misy tao amin'ny efitrano fandidiana. … Tara aho vao natory niezaka ny nandevona tao anatiko ny zava-drehetra. … Saingy ny sabotsy, dia nifoha aho niaraka tamin'ny fahatsapana fifaliana tanteraka. Tsy fiadanana fotsiny izany; tsy fandavana ny zava-nisy izany. Nahatsapa fifaliana tamin'ny zanako lahy aho, ary nahatsapa fifaliana amin'ny maha reniny ahy. … Nifoha talohako kokoa i Ben, ary rehefa nanana fahafahana niresaka izahay tamin'ny farany, dia nifoha niaraka tamin'ny fahatsapana mitovy amin'izany mihitsy koa i Ben."

Nanazava i Ben hoe: "Nanana fahatakarana mora foana aho rehefa nampianatra ahy tamin'ny alalan'ny Fanahiny Masina Andriamanitra. Nifoha tamin'ny 4:00 maraina aho ary heniky ny fiadanana sy fifaliana tsy hay faritana. Fa nahoana no toy izany? … Tena maharary loatra tokoa ny fahalasanan'i Trey, ary tena malahelo azy aho. Saingy tsy hamela antsika ho kamboty ny Tompo. … Tsy andriko ny hisian'ny fihaonana mahafaly."

## Ny fampanantenana hoentin'ny fanantenana

Nomarihin'i Trey tao amin'ny diariny ireto teny ireto izay avy tamin'ny lahatenin'ny Filoha Nelson tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana: "Toa tsy ho vita velively izany hahatsapa fifaliana izany rehefa mijaly noho ny aretina tsy misy fanafany ny zanakao, na rehefa very asa ianao, na rehefa mamitaka anao ny vadinao. Kanefa izany indrindra ilay fifaliana atolotry ny Mpamonjy.

and Covenants 121:7] and be consecrated to our gain."

Mitohy hatrany ny fifaliana avy Aminy, manao izay hahatonga ny -fijalianao tsy haharitra afa-tsy fotoana fohy- [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:7] ary hanokana ny fahorianao ho tombontsoanao."

Brothers and sisters, the peace you seek may not come as quickly as you desire, but I promise you that as you trust in the Lord, His peace will come.

Ry rahalahy sy anabavy, mety tsy ho tonga haingana araka izay irinareo ny fiadanana tadiavinareo, kanefa mampanantena anareo aho fa rehefa matoky ny Tompo ianareo dia ho tonga ny fiadanany.

May we nurture our precious faith, pressing forward with a perfect brightness of hope.I testify that our hope is our Savior, Jesus Christ. Through Him, all our righteous dreams will be realized. He is the God of hope—the triumph of hope. He lives and He loves you. In the name of Jesus Christ, amen.

Enga anie isika hikolokolo ilay finoantsika sarobidy, hibosesika handroso miaraka amin'ny famirapiratan'ny fanantenana tonga lafatra. Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika no fanantenantsika. Amin'ny alalany, ireo nofinofy rariny rehetra ananantsika dia ho tanteraka. Izy no Andriamanitry ny fanantenana, ny fandresen'ny fanantenana. Velona Izy ary tiany ianareo. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.